

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Avia Amin'ny Fahasahiana

Aoka isika hanatona ny seza fiandrianan’ny fahasoavana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Manatona amim-pahasahiana ny seza fiandrianan'Andriamanitra isika satria seza fiandrianan'ny fahasoavana izany. Tsy avy amin’ny fahamendrehantsika no nahatongavantsika, fa avy amin’ny anaran’i Jesosy, amin’ny fiderana sy fisaorana, tsy misy fanamelohana. Tonga amin’ny fahasahiana isika satria nasain’Andriamanitra ho avy. Nanoratra toy izao ny mpanoratra ny Hebreo:

> “Koa amin’izany [‘fahasahiana’,] ry rahalahy, satria manana fahatokiana hiditra ao amin’ny fitoerana masina isika noho ny ran’i Jesosy.” (Hebreo 10:19)

Rehefa mivavaka amin'Andriamanitra isika, dia tsy tokony hanatona Azy amin'ny fanamelohana. Ny fanamelohana dia iray amin'ireo fahavalo lehibe indrindran’ny valim-bavaka. Ary ny fototry ny fanamelohana dia ny fitadiavana ny fanamarinan-tena. Raha tsampantsika fa tsy maintsy manamarina ny tenantsika isika, dia tsy hanao izany mihitsy amin’ny fahafaham-pontsika isika. Tsy maintsy ho avy ny fotoana izay hanaisorantsika ny ezaka rehetra hanamarinana ny tenantsika hiteny tsotra hoe,“Izaho dia mandray amin’ny finoana ny fahamarinan’i Jesosy Kristy, izay nisaina tamiko tamin’ny finoako Azy, mifanaraka amin’ny Tenin’Andriamanitra. Tsy hanandratra ny asa soa ataoko aho na ho menatra noho ny ratsy nataoko. Hanaantona amin'ny fahasahiana aho fa seza fiandrianan'ny fahasoavana izany. Tsy handini-tena na hamakafaka ny foko foana aho mba hamaritana raha mahay aho. Hatoky an’Andriamanitra aho fa ny ran’i Jesosy no nanadio ahy tamin’ny ota rehetra. Ary ho any amin’ny seza fiandrianana amin’ny fahasahiana aho, dia ao amin’ny Masina indrindra.” Fomba fidirana be voninahitra izany.

“Aoka isika hanatona amin’ny fo marina”, hoy ny Soratra Masina, “amin’ny fahatokiana be avy amin’ny finoana, manana fo voadio ho afaka amin’ny fieritreretana ratsy sy tena voasasa tamin’ny rano madio.” (Hebreo 10:22). Ny fieritreretana ratsy dia hanakana antsika tsy hanao vavaka mahomby. Tsy maintsy mamela ny ran’i Jesosy hapetraka ao am-pontsika isika ary mandray amin’ny fahatokiana

© 2008 - Dries Du Plessis

tanteraka ny hoe voavela heloka — voadio noho ny nataon’i Jesosy — ary avy eo dia manatona amim-pahasahiana eo anatrehan’Andriamanitra Tsitoha.

Misaotra Anao, Tompo ô, fa afaka manatona Anao amim-pahasahiana aho. Manambara aho fa ny ran’i Jesosy no nanadio ahy tamin’ny ota rehetra, ary manatona ny seza fiandrianana amim-pahasahiana aho, dia ao amin’ny fitoerana masina indrindra. Hanatona ny seza fiandrianan'ny fahasoavana aho, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-305-MLG

Nohavaozina farany: 14 Nov 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

